**Marathon International de Tana**

# Hotanterahina amin'ny Oktobra izao

Rehefa nijonona nandritra ny taona iray ny taranja Atletisma lavitrezaka na ilay Marathon International de Tana dia nanapa-kevitra ny federasiona malagasin'ity taranja ity fa hamerina indray an'izany fifaninanana anisan'ny nanana ny maha izy azy izany hatramin'ny andiany lasa izay.

Tapaka ary fa hotanterahina eto Antananarivo ny andiany faha14 amin'ny volana Oktobra ny alahady 26 oktobra io izany Marathon de Tana izay hazakazaka lavitrezaka mirefy 42 km.

**Hiara-hiasa amin'ny VIMA**

Tsy handeha irery ny federasiona malagasy amin'ny fikarakarana an'io hetsika goavana io fa hisy orinasa ny Vision Madagascar na ny VIMA izay efa mpiara-miasa amin'ny federasiona malagain'ny taranja Atletisma ihany hatramin'izay.

Ny tena mampiavaka an'ity fifaninanana lavitrezaka eo amin'ny hazakazaka ity dia ny fanatrehan'ireo atleta avy any amin'ny firenena-kafa toa an'i Kenya , Ouganda ary ireo nosy akaiky atsika ary amin'ity andiany faha14 ary dia hisy ny mpifaninana avy any Eoropa asaina handray anjara amin'izany.Ny tanjona voalohany amin'izany fifaninanana izany dia ny hanomananireo atletantsika amin'ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2015. Ny faharoa dia ho famelomana indray ny hakanton'izany fifaninanana izany.




*Efa tompondaka lefitra tamin'io ny Atletan'ny BOA Madagasikara tamin'ny taona farany nisiany.*

Mahakasika an'io hazakazaka io ary dia hisy ny hazakazaka voalohany izay ho afaka hataon'ny daholo be izay mirefy 5km nny faharoa dia ny Handi Run izay natokana ho an'ireo manana takaitra izaynhirefy 5km ihany koa. Ny farany tena goavana ny hazakazaka 42 km izay afaka handraisanan'y olon-tokana manana kara-pilalaovana sy ny isan-tarika orinasa na ny fikambanana.

Afaka misoratra anarana dieany izao ireo izay olona na orinasa liana amin'iny fiatrehana an'izany amin'ny fiantsoana ny nomeroa 03312 846 23 na ny 032 07 846 23.

Danny